

« Tonga ankehitriny ny fotoana izay tokony hanaovanareo zavatra bebe kokoa noho ireo olo-masina teo aloha, mba handresena, mba tsy hitanareo ny Sahaja Yoga ho anareo irery : manana ankohonana ianareo, manana zanaka tena hendry ianareo, tianareo izany, tsy ho an'izany anefa Sahaja Yoga. Sahaja Yoga dia natao hanova izao rehetra izao. Saino tsara izany : inona no ataonao, aiza ianao izao ? Ary inona no zavatra vitanao avy amin'ny Sahaja Yoga ?

Tonga eo amin'ny chakra-ny Agnya chakra isika. Eo aminy chakra-ny Agnya, ny zava-nisy, eo no afahan'ny Sahaja Yogis, tena marina izany, mahazaka ny zava-drehetra, afaka leferiny daholo ny zava-drehetra. Tsy izany no tadiavintsika. Ny tadiavintsika, hanafoana ireo fahorian'ny hafa, hanafoana ny herisetran'izy ireo. Fa tsy ataontsika anefa izany-tsy manana izany fikambanana izany isika, tsy manana izany fomba fijery (comprehension) izany isika. Ary raha tanteraka izany, olon-kafa mihitsy ianareo.

Lasa mitovy amin'ireo olo-masina isika, hitanareo, ao anatin'ny fitokana-monin'izy ireo, zavatra toy izany. Tsy misy ampiana. Tsara kokoa noho izany raha manao zavatra tsara, tsy misy herisetra. Fantatro fa misy aminareo no mbola mahery fihetsika, mihoatra "hitanao aho", Fantatro izany. Fa raha te-hiasa ho an'ny fihavanana (collectivité) ianareo, dia fantatrareo ny tsy mety (defaults) ao aminareo ary ny tsy ampy ao amin'ny vatanao (personnalité). Zava-dehibe izany. Eo amin'ny Agnya chakra, maro ireo Sahaja Yogis no very ao. Tsy fantatro izay mahazo azy ireo. Efa nolazaiko taminareo fa eo amin'ny Chakra-ny Agnya, mila mamela heloka ianareo. Tsy midika anefa izany fa mamela ny olona hanao ny ratsy ianareo. Satria te hamela ianareo, tena mora ny tsy miady, tsy miteny na inona na inona, mitoetra ety ivelany, mamela tsotra izao. Tsia ! Miresaha amin'io olona io ary teneno fa diso izy. Mila atrehinao izy. Fa raha tsy vitanareo ny miatrika azy, tsy misy ilana anareo, tahaka ny olona hafa. Inona no nilanao ny Fahatanterahana ara-panahy ? Tokony ho fantatsika noho izany fa tsy ny fahenoana ny hery (vibrations) no farany, na mandeha tsara ihany koa, na afaka manasitrana olona maro. Tsia. Mila aelinareo izy (Sahaja Yoga), mila manatona ny hafa ianareo, milay miray (collectifs) ianareo ary manaparitaka ny Sahaja Yoga. Na dia maro aza ny Sahaja Yogis manerantany, tsy mbola mandroso tsara isika. Ankehitriny, mila alaminareo (planifier) ny zavatra tianareo atao. Ahoana no fomba anaovanareo azy ary amin'ny fomba ahoana no ampihelezanareo ny Sahaja Yoga, zava-dehibe izany. Satria ianareo, Sahaja Yogis, dia tsara, aleo tenenina, amin'ny filazana ny Sahaja Yoga, amin'ny fihirana azy. Fa tsy misy dikany izany rehetra izany, raha tsy misy porofo mazava tsara fa nitondra olona maro ao amin'ny Sahaja Yoga ianareo.

Any amin'ny firenena kely atao hoe Turquie, manana 25000 Sahaja yogis isika. Inona no teneninareo ? Silamo daholo izy ireo. Silamo 25000 izay lasa Sahaja Yogis. Nefa ny isan'ny Yogis any amin'ny firenen-kafa dia faran'izay kely (ankoatra ny India sy Rosia). Tsy tena manankarena izy ireo, fa kosa miahay Fahatanterahany ara-Panahy ary manome ny Fahatanterahana ara-Panahy ny hafa. Mahatalanjona ny fahombiazany, ny fiomboany.

Noho izany, hevero ny fanomezana ireo fahefana ho an'ny hafa sy ny hahatonga azy ireo ho Sahaja Yogis noho ny fierietreretana ny olanareo, ny fahavalonareo ary ny fahefanareo. Tena zava-dehibe izany. Raha ao amin'ny Sahasarara ianareo, dia anananareo ny fahefana rehetra. Raha eo amin'ny Sahasarara ianareo, ka tsy manaparitaka ny Sahaja Yoga, inona no ilanareo ny Fahatanterahana ara-panahy ? Ho anareo irery ve ? Tena fitiavantena izany. Noho izany, Lazaiko aminareo, miangavy anareo Aho, ezaho ny hampitombo ny olona hampiatra ny Sahaja Yoga noho ny fampisehoana ny zava-bitanareo, ny fahamatoranareo, ny voninahitrareo. Midira ao amin'ny hery tena miasa. »

*Shri Mataji Nirmala Devi, Adi Shakti puja, Cabella, 23/06/2002*

*Ny tanjon'ny Sahaja Yoga dia tsy ny fananganana antokon'olona mihiboka sy miala ny maro ary te haina ny hafaliana ao anaty hery (vibrations) fotsiny ihany. Akoantr'izany, Sahaja Yoga, arak'io izy io, dia natao hifangaro amin'ny be sy ny maro ary tsy ho hita maso, satria ny farany indrindra dia ny fitondrana ilay fahatsapana ny hery tsy hita maso mba hampisandratra avy ireo eo amin'ny tonotonon'ny firaisankina. Ny firaisantsika no hanova izao tontolo izao, tsy ny fiarahana amin'ny rahalahintsika na anabavintsika, lavitry ny olana. Mety tafiditra anatin'ny fiadanana angamba isika ka adinontsika ny fahasarotan'ny fiainana ho an'ireo tsy mbola tanteraka. Ny fiovana ao anatin'ny taon-jato fa XXI dia mitaky fiovana eo amin'ny tsirairay (personnel) izay azo lazaina mety tsy hisy mihitsy (impossible) raha tsy misy ny famohazana ny Kundalini.*